# Lesona 4: Firaisan-Tsaina Ao Anatin'ny Fanetre-Tena

## Tonon-kira: Mifalia mandrakariva – 1 Tesaloniana 5:16-18, Filipiana 4:6

### A. Ny olan'ny fisaratsarahana

1. Filipiana 2:1-3a Inona ireo antony sasany niteraka fisaratsarahana teo amin'ny Kristiana tany Filipy?
2. Inona ireo antony hafa nahatonga fisaratsarahana teo amin'ny Fiangonana Kristiana voalohany? 1 Korintiana 1:11-13; Lioka 22:24, sns.
3. Inona ireo antony lehibe mahatonga ny fisaratsarahana eo amin'ny Kristiana ankehitriny?
4. Zarao ny fotoana naha anisan'ny tarika iray anao izay niaina fisaratsarahana. Inona no fiantraikan'io fisaratsarahana io teo aminao manokana?
5. Inona no torohevitra omenao ny olona iray izay iantefan'ny fiatraikany ratsy ny toe-tsaina misaratsaraka?

### B. Ny fanefitry ny fisaratsarahana

1. Araka ny voalazan'ny apostoly Paoly, inona no fanefitry ny fisaratsarahana? Filipiana 2:3-4
2. Inona amin'io fanefitra io no manaitra anao indrindra? (mitovy hevitra, mitovy fitiavana, sns.)
3. Ahoana no ahafahan'ny tsirairay manana fitiavana *agape*? Romana 5:5; Lioka 11:13
4. Ahoana no ahafahan'ny toe-tsaina manetry tena sy maneho fitiavana mitaratra ny sain'i Kristy? Filipiana 2:5
5. Mizarà ohatra iray avy ao amin'ny Testamenta Vaovao momba ny mpanara-dia an'i Jesosy iray izay maneho ny sain'i Kristy ny fiainany.
6. Ahoana no ahafahantsika manana ny sain'i Kristy? 1 Korintiana 2:16; Romana 12:2
7. Inona no fiovana tsikaritrao teo amin'ny fiainanao hatramin'ny nangatahanao tamin'Andriamanitra mba hanavao ny sainao?

### D. Ny fanandratana an'i Jesosy

1. Filipiana 2:6-8 Aiza no ahitantsika ny fanehoana lehibe indrindra ny fanetren-tena sy fitiavana ***agape***?
2. Inona no tena manaitra anao indrindra rehefa misaintsaina an'io fijoroana ho vavolombelona mahataona momba ny fanetren-tena sy ny fitiavan'i Kristy feno fahafoizan-tena io ianao?
3. Iza no nanampy anao hankasitraka kokoa ny fitiavana feno fahafoizan-tenan'i Jesosy?
4. Inona no nasetrin'Andriamanitra Ray ny fanehoan'i Kristy fanetren-tena sy fitiavana agape?
5. Fomba ahoana no mahatonga ny fanandratana an'i Jesosy hanome voninahitra an'Andriamanitra Ray? Filipiana 2:9-11; Jaona 14:8-11
6. Inona no tokony hasetrintsika an'i Jesosy, rehefa mandinika izay rehetra nataony ho antsika isika? Jaona 20:26-28, Apokalypsy 5:11-14, sns.
7. Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa hahita ny fanambarana mazava kokoa momba ny fitiavan'Andriamanitra tsy hay refesina sy tsy mety ritra?